REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**FIFANINANANA TETIKASAM-PIHARIANA HO AN'NY TANORA**

**( FAMATSIAM-BOLA MJS)**

Ho fanatanterahana ny fandaharan'asa « Asa ho an'ny tanora » voafaritra ao anatin'ny drafitr'asan'ny Politikam-pirenenan'ny Tanora. Ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena (MJS) dia mikarakara **fifaninanana tetikasam-pihariana ho an'ny tanora**.

## I- FEPETRA TAKIANA

### 1. Mason-tsivana afahana mandray anjara :

-Taona : 18 – 30taona
-Teratany : malagasy,
–Lahy na vavy,
-Faripahaizana : mahay mamaky teny sy manoratra na tsia, manana mari-pahaizana na tsia
–Raharaha : mitady asa
–Toerana fonenana : nonina mihoatra ny 3 volana eo amin'ny faritra hanatanterahana ny tetikasa
–Karazan'ny tetikasa : tetikasa vaoavao vao ahorina,
–Anjara biriky (fitaovana / na vola ) fara-fahakeliny 5% tetibidin'ny tetikasa,
–Fisian'ny mpiantoka
– Dosie mifanaraka tsara amin'ny drafitr'asam-pihariana natolotrin'ny Ministera
–Ireo dosie nandray anjara tamin'ny fifaninanana fanolorana tetikasa CONFEJES 2018 ka tsy lany dia mbola afaka mandray anjara
–Mpifaninana iray ,tetikasa iray
– Antontan-taratasy fanamarinana rehetra feno , tsy misy hosoka na tingina.

### 2. Seha-pihariana voakasika

Fambolena sy fiompiana, jono, asa tanana sy tao-zavatra, fanodinana akora ary ny servisy.

### 3. Anjara birikin'ny tompon'ny tetikasa

Farafahakeliny 5% n'ny tetibidin'ny tetikasa (vola sy/na fitaovana)

### 4. Antontan-taratasy ilaina

Boky mirakitra ny vinavinana tetikasa izay mifanaraka amin'ny drafitrasam-pihariana modely novolavolain'ny MJS izay arafitra amin'ny teny Malagasy na teny frantsay ka ny mari-bola ampiasaina dia ny Ariary **miaraka amin'ireto antotan-taratasy ireto** :
- Fisy fandraisana anjara (fiche de candidature);
- Kopia nahaterahana'ny tompon'ny asa na ireo tompon'ny tetikasa na dika mitovy ny kara-panondro ka voamarina ara-panjakana (légalisée) ;
- Fanamarinam-ponenana latsaky ny 3 volana ;
- Dika mtovy ny sata mifehy (statut) sy ny fitsipi-pifehezana (règlement intérieur) na fiaraha-miombon'antoka (engagement solidaire) ho an'ireo fikambanana manolotra tetikasa ;
- Fifanarahana fampanofana tany na trano ampiasaina amin'ny tetikasa ho an'izay manofa ;
- Dika mitovy ny fanamarinana fananan-tany (titre de propriété) na taratasy hafa voamarin'ny manampahefana eo antoerana, manamarina ny fisian'ny tany hanaovana ny tetikasa ho an'ireo tetikasa fiompiana sy fambolena ;